# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Desambra 2018

# 10 Alatsinainy desambra

**Dia namaly azy Jesosy ka nanao hoe : Tsy Ahy ny fampianarako, fa an'Izay naniraka Ahy. Raha misy olona ta hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho.** Jaona 7. 16-17

## Foto-pampianarana hoe ?

Tsy dia tsara ny akon'ny teny hoe „foto-pampianarana", na eo amin'ny kristiana aza. Miteraka fisaratsarahana ny foto-pampianarana, ho an'ny sasany, ary fitsitokotokoana, ho an'ny hafa… Ny mety mahatonga izany, dia satria faran' izay mora mivaona ho foto-kevitra tsy mahay milefitra ny foto-pampianarana, rehefa tafasaraka amin'ny loharanony, dia Andriamanitra mihitsy.

Fa inona moa no atao hoe foto-pampianarana kristiana ? Izany dia ny fampianarana ireo fihevitr'Andriamanitra. Rehefa mamaky ny Baiboly isika, dia mahita Ilay Andriamanitra velona sy feno fahatsaram-panahy miasa mba hanafaka antsika, mba hamonjy antsika. Ireo teniny no mampahafantatra ny dikan'ireo asany. Jesosy Izy tenany mihitsy dia niasa sady nampianatra (Asan'ny Apostoly 1. 1). Niresaka momba ny foto-pampianarany Izy (Jaona 7. 16-17). Rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia naniraka ireo apostoliny mba hampita ny fampianarany amin'ny firenena rehetra (Matio 28. 20).

Ny foto-pampianaran'ny Baiboly, izany, dia tsy foto-kevitra, fa fanambarana. Ireo kristiana voalohany dia „naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly" (Asan'ny Apostoly 2. 42). Ampaherezina isika hitana mafy ny fampianarana marina (Titosy 1. 9) ary hitoetra ao amin'ny foto-pampianaran'i Kristy (2 Jaona 9).

Marina fa tsy ny fahalalana amin'ny maha fahalalana azy no maha voavonjy antsika, fa ny finoana Ilay hany Mpamonjy, dia Jesosy Kristy. Na izany aza anefa, dia izay ampianarin'ny Baiboly no ahatakarantsika ny drafitr'Andriamanitra ho antsika. Koa nomena antsika ny foto-pampianarana mba hampitsimoka sy hampitombo ny finoantsika, mba hanampy antsika ho tia an'Andriamanitra amin'ny saintsika manontolo, ary mba hivelona araka izay mahafaly Azy.